Izay ambaran'ny Baiboly momba …

# Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia



**Izay ambaran'ny Baiboly momba ...**

# Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia

JCK

Edisiona Henoy ny Baiboly

Novokarina sy navoakan'ny : **H**enoy ny **B**aiboly
Fanontana laharana : 028
D.L.I. : Marsa 2015
henoynybaiboly@gmail.com

# TOPIMASO

1. Ny fitsaran'i Kristy ............................................................4

2. Ireo satroboninahitra............................................................7

3. Ireo valim-pitia ............................................................11

4. Eo am-piandrasana ny fotoana handraisana ireo valim-pitia ............................................................14

*Tsara raha vakiana araka izao filaharana izao ny boky ao amin'ny amboara faminaniana :*

- ➲Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy
- ➲**Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia**
- ➲Ny Fampakarambadin'ny Zanak'ondry
- ➲Ny fiavian'i Kristy sy ny ady ao Hara-magedona
- ➲Ny Fanjakana arivo taona sy ny mandrakizay
- ➲Ny fitsarana farany sy ny helo

**Tsy ho ela ny Tompo Jesosy dia hiverina haka ny kristiana**, izany hoe ireo rehetra nino Azy, ireo izay nateraka indray ary manana ny ain'Andriamanitra.

Ho avy Izy, ary hitondra azy ireo any an-danitra hiaraka aminy, araka ny fampanantenany hoe: *"Ho avy indray* [Aho] *ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa"* (Jaona 14. 3).

**Aorianan'io fampiakarana io, ny mpino tsirairay dia hijoro eo anoloan'ny fitsaran'i Kristy** (ny tribonalin'i Kristy), mba ho fantany marina ny fijerin'Andriamanitra azy, fony izy kristiana velona tao amin'ny vatany, tetỳ an-tany. Ho hitany ny niarovan'Andriamanitra azy, ny nitsimbinany azy tsy ho lavo, ny namerenany azy ho eo aminy ary ny nananany faharetana taminy.

*"Fa samy hiseho eo anoloan'ny fitsaran'Andriamanitra isika rehetra"* (Romana 14. 10). Ny kristiana tsirairay izany dia *"ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy"* (2 Korintiana 5. 10).

Ny zavatra rehetra momba io mpino io no hasehon'ny Tompo Jesosy, Ilay Mpitsara marina, amin'izay fotoana izay.

**Ny Tompo Jesosy, araka ny fahamarinany sy ny fahitsiany, dia hanome azy satroboninahitra sy valim-pitia.**

# 1. Ny fitsaran'i Kristy

Ny fitsaran'i Kristy (ny tribonalin'i Kristy) no ho sehatra hahitan' ny mpino tsirairay izay nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra teo amin' ny fiainany.

*"Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy"* (1 Korintiana 13. 12).

## 1.1 Ny kristiana rehetra tsy an-kanavaka dia hiseho eo amin'ny fitsaran'i Kristy

*"Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy"* (2 Korintiana 5. 10).

## 1.2 Tandremo, ny fitsaran'i Kristy dia tsy natao hanamelohana ny mpino

Voasoratra mantsy hoe: *"Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy"* (Romana 8. 1).

### 1.2.1 Koa dieny izao dia ambaran'Andriamanitra fa marina ireo rehetra mino an'i Jesosy

*"Efa naharihary ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra ... amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy ho an'izay rehetra mino; … hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy"* (Romana 3. 21-24).

**Andriamanitra mampiseho** *"**ny fahamarinany ankehitriny**, mba ho marina Izy sady hanamarina izay manana finoana an'i Jesosy"* (Romana 3. 26).

### 1.2.2 Noho izany, ry kristiana, aoka isika hatoky satria ...

#### *1.2.2.1 Hoy Andriamanitra:*

*"Ny fahotany sy ny helony tsy hotsarovako intsony"* (Hebreo 10. 17).

#### *1.2.2.2 Hoy Jesosy:*

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay* (Andriamanitra) *naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy"* (Jaona 5. 24).

#### *1.2.2.3 Hoy koa ny Baiboly:*

*"... nanasoavany* (nanasoavan'Andriamanitra) *antsika maimaimpoana ao amin'ny Malala* (Jesosy Kristy)*"* (Efesiana 1. 6).

**Ny fitsaran'i Kristy izany no sehatra hampihariharianа ny asan'ny tsirairay, amin'ny alalan'ny fizahan-toetra amin'ny afo.** Ny asa no hozahana toetra, fa tsy ny olona.

## 1.3 Nahoana ny kristiana tsirairay no hiatrika ny fitsaran'i Kristy?

*"Koa* ***samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra****"* (Romana 14. 12).

*"Fa izay manao ny tsy marina dia handray araka ny tsy marina nataony"* (Kolosiana 3. 25).

**... mba haharihary ireo tsiambaratelo rehetra ao am-po:**

*"Koa amin'izany, aza mitsara na inona na inona alohan'ny fotoana, dia ny fiavian'ny Tompo, Izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina ka* ***hampiseho ny fikasan'ny fo****; dia samy hahazo izay derany avy amin'Andriamanitra izy rehetra"* (1 Korintiana 4. 5).

## 1.4 Eo anoloan'ny fitsaran'i Kristy dia haseho avokoa ny asan'ny tsirairay

*"Dia* ***haseho avokoa ny asan'ny olona rehetra****; fa ny andro no hampiseho azy, satria haseho amin'afo izany andro izany, ka dia* ***hozahan-toetra amin'ny afo*** *ny asan'ny olona rehetra. Raha maharitra ny asan'ny olona, izay narafiny teo amboniny, dia handray valim-pitia izy. Raha ho levon'ny afo ny asan'ny olona, dia ho fatiantoka izy; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin'ny afo ihany izy"* (1 Korintiana 3. 13-15).

## 1.5 Aorianan'ny fitsaran'i Kristy dia ho avy ny fotoanan'ny satroboninahitra sy valim-pitia, arakaraka ny asan'ny tsirairay

*"Indro, avy faingana Aho; ary eto amiko ny famaliako,* ***mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany****"* (Apokalypsy 22. 12).

*"... mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy"* (2 Korintiana 5. 10).

# 2. Ireo satroboninahitra

Alohan'ny hiresahana ireo satroboninahitra natokana ho an'ny zanak'Andriamanitra any an-danitra, dia hotsahivina hoe inona ny satroboninahitra natokana ho an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra:

## 2.1 Ireo satroboninahitra nomena ny Tompo Jesosy

### 2.1.1 Teto an-tany

*"Ary ny miaramilan'ny governora dia nitondra an'i Jesosy ho ao anatirova sady nanangona ny miaramila namany rehetra ho eo aminy. Ary rehefa nanala ny fitafiany, dia nanafy Azy lamba jaky izy. Ary nandrandrana* ***satroka tsilo*** *izy, ka nasatrony ny lohany, ary nampitanany volotara ny tànany ankavanana, dia nandohalika teo anatrehany izy ka naneso Azy hoe: Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy! Dia nororany Izy, ary nalainy ny volotara, ka nokapohiny ny lohany"* (Matio 27. 27-30).

Rehefa avy nosatrohana izany fehiloha manala baraka izany Jesosy, dia maty, nalevina ary nitsangana velona avy tao am-pasana:

*"Jesosy ... natolotrareo sy nolavinareo teo anatrehan'i Pilato, rehefa nokasainy halefa. Fa ianareo nandà Ilay Masina sy Marina, ary mpamono olona no nangatahinareo halefa ho anareo; fa ny Tompon' ny aina kosa no novonoinareo; fa Izy natsangan'Andriamanitra tamin' ny maty"* (Asan'ny Apostoly 3. 13-15).

### 2.1.2 Any an-danitra

Andro vitsivitsy tatỳ aoriana dia niakatra ho any an-danitra Jesosy, ary nasandratr'Andriamanitra: *"Iny Jesosy nohomboanareo tamin'ny hazofijaliana iny dia efa nataon'Andriamanitra ho Tompo sy Kristy"* (Asan'ny Apostoly 2. 36). Avy eo Izy dia napetrak'Andriamanitra teo ankavanany ary nosatrohany voninahitra sy laza.

*"Fa Ilay natao ambany kely noho ny anjely no **hitantsika**, dia **Jesosy**, ary noho ny fitondrany ny fahafatesana dia **voasatroka voninahitra aman-daza** Izy"* (Hebreo 2. 9).

## 2.2 Ireo satroboninahitra voatokana ho an'ny mpino

Jesosy dia hanome satroboninahitra isan-karazany ho an'ny mpino tsirairay, arakaraka ny tsy fivadihany tamin'ny Tenin'Andriamanitra. Koa **Jesosy dia hanome satroboninahitra, ho valim-pitian'ireo mpino namela ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina hiasa ao aminy.** Ny famelan'ny mpino ny Fanahy Masina ho velona ao anatiny, ny vokatry ny Fanahy, izay hita maso, ny fiaina sy ny asa natao ho an'i Kristy, amin' ny fiankinana amin'Andriamanitra sy fankatoavana Azy, dia hankasitrahina sy homena valim-pitia. Amin'izany andro izany, Jesosy no ho Ilay Mpitsara marina.

### 2.2.1 Ny satroboninahitra fiainana ho an'ireo martiora

*"Aza matahotra izay efa **hiaretanao**; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny **satroboninahitra fiainana**"* (Apokalypsy 2. 10).

*"Sambatra izay **olona maharitra fakam-panahy**; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny **satroboninahitra fiainana**, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy"* (Jakoba 1. 12).

### 2.2.2 Ny satroboninahitry ny fahamarinana

Io satroboninahitra io dia hamaly fitia ny tsy fiovaovàna eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona, eo amin'ny fanolorana fampianarana madio, eo amin'ny fiandrasana ny fiverenan'i Kristy, eo amin'ny ady, eo amin'ny fihazakazahana ary eo amin'ny fitehirizana ny finoana.

*"Fa izaho dia efa hatolotra sahady, ary efa mby akaiky ny andro fialàko. Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny **satroboninahitry ny fahamarinana**, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa"* (2 Timoty 4. 6-8).

### 2.2.3 Ny satroboninahitra rehareha

Io satroboninahitra io dia hamaly fitia ny tsy fiovaovàna eo amin'ny asa fitandremana, ny asa fitoriana ny Filazantsara, ny fampianarana ny Teny ary ny fampirisihana.

*"Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: **mitoria ny teny**, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, **mandrese lahatra**, **mampirisiha**, **mananara mafy** amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra"* (2 Timoty 4. 1-2).

*"Fa inona moa no fanantenanay, na fifalianay, na **satroboninahitra reharehanay** ? Moa tsy ianareo eo anatrehan'i Jesosy Tompontsika amin'ny fiaviany va ?"* (1 Tesaloniana 2. 19).

*"Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka amin'ny anjara fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry* (Jesosy)*, dia hahazo ny **satroboninahitra** tsy mety simba ianareo"* (1 Petera 5. 2-4).

### 2.2.4 Ny satroboninahitra tsy mety ho lo

Io satroboninahitra io dia hamaly fitia ny tsy fiovaovàna eo amin' ny fiaina kristiana, mba hananana fitondrantena mampiseho ny fampianaran'ny Teny, hahatongavana amin'ny fitondrantena tsy azo kianina. Takatry ny apostoly Paoly izany fahamarinana izany, hany ka niainany mba hahazoany ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any an-danitra. Nanoratra izy hoe: *"… manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony ao amin'i Kristy Jesosy"* (Filipiana 3. 13, 14).

*"Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka eo amin'ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo. Ary ny mpihazakazaka rehetra dia mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra. Kanefa ireny dia mitady **satroboninahitra** mety ho lo ihany, fa isika kosa ny **tsy mety ho lo**. Raha izaho ary, dia mihazakazaka, nefa tsy toy ny manao kitoatoa; ary mamely totohondry aho, nefa tsy toy ny mamely ny rivotra; fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka andevoziko, fandrao, na dia efa nitory tamin'ny sasany aza aho, dia holavina kosa ny tenako"* (1 Korintiana 9. 24-27).

### 2.2.5 Ny satroboninahitra volamena eo an-dohan'ny mpino rehetra

Jesosy dia hanome satroboninahitra volamena ho an'ny mpino tsirairay, satria Andriamanitra efa nanao antsika ho *"fanjakana sy mpisorona"* (Apokalypsy 5. 10).

Ny loholona efatra amby roapolo "***hanipy ny satroboninahiny eo anoloan'ny sezafiandrianana ka hanao hoe: Ianao, Tomponay sy Andriamanitray, no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery;*** *fa Ianao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no nahanisy sy naha ary azy"* (Apokalypsy 4. 10, 11).

Koa amin'izany fihetsika izany no hilazantsika amin'Andriamanitra fa tsy mendrika handray ny satroboninahitra omeny isika, satria Izy irery no mendrika handray izany.

# 3. Ireo valim-pitia

## 3.1 Jesosy hamaly fitia ny mpino tsirairay izay tsy niovaova:

### 3.1.1 Teo amin'ny fitondrantena manoloana ny fahoriana

*"Sambatra ianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoa ianareo, fa* ***lehibe ny valim-pitianareo any andanitra****; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo"* (Matio 5. 11-12).

### 3.1.2 Teo amin'ny antsipirian'ny fiainana

*"Na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona, satria fantatrareo fa ny Tompo no handraisanareo **ny lova ho valiny**; fa manompo an'i Kristy Tompo ianareo"* (Kolosiana 3. 23-24).

### 3.1.3 Teo amin'ny fahamarinana, sady mitandrina ny Tenin'Andriamanitra

*"Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonòna tena, ka antenao tsara ny fahasoavana izay hoentina ho anareo amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy"* (1 Petera 1. 13).

*"**Satria efa nitandrina ny teniko** ny amin'ny faharetana **ianao**, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany. Ho avy faingana Aho; **tano mafy** izay anananao, **mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao**"* (Apokalypsy 3. 10-11).

## 3.2 Jesosy hamaly fitia "izay maharesy"

*"Izay maharesy dia **havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina**, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra"* (Apokalypsy 2. 7).

*"Izay maharesy dia **tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa**"* (Apokalypsy 2. 11).

*"Izay maharesy dia **homeko mana miafina**"* (Apokalypsy 2. 17).

*"Izay maharesy dia … **homeko vato fotsy**, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany"* (Apokalypsy 2. 17).

*"Izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia **homeko fahefana amin'ny jentilisa**…"* (Apokalypsy 2. 26).

*"Izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia … **homeko azy ny kintana fitarikandro**"* (Apokalypsy 2. 26, 28).

*"Izay maharesy dia **hitafy lamba fotsy**"* (Apokalypsy 3. 5).

*"Izay maharesy dia … **tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana tokoa Aho**"* (Apokalypsy 3. 5).

*"Izay maharesy dia … **hanaiky ny anarany eo anatrehan'ny Raiko sy eo anatrehan'ny anjeliny*** **[Aho]***"* (Apokalypsy 3. 5).

## 3.3 Ny toerana tsara indrindra no atokana ho an' "izay maharesy"

*"Izay maharesy no **hataoko andry eo amin'ny tempolin'Andriamanitro**, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitro sy ny anaran'ny tanànan'Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao"* (Apokalypsy 3. 12).

*"Izay maharesy dia **havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny sezafiandrianako**, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny sezafiandrianany"* (Apokalypsy 3. 21).

## 4. Eo am-piandrasana ny fotoana handraisana ireo valim-pitia, dia tokony ...

### 4.1 Hiady ny ady tsara

*"Nefa tsy ataoko ho zavatra akory ny aiko, **mba hahavita ny alehako, dia ny fanompoana izay noraisiko tamin'i Jesosy Tompo** hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra"* (Asan'ny Apostoly 20. 24).

**Fantatsika fa** *"ny miaramila manafika dia tsy mba misy maningo-tena amin'ny raharahan'izao fiainana izao, mba hahafaly izay efa nifidy azy ho miaramila. Ary **raha misy manezaka amin'ny filalaovana, dia tsy satrohana satroboninahitra izy, raha tsy manezaka araka ny lalàna**. Ny mpiasa tany izay misasatra no tokony ho voalohany handray ny vokatra"* (2 Timoty 2. 4-6).

### 4.2 Hitondra fanahy maro ho an'i Kristy ary hampahery azy ireo

*"... ny fanompoana izay noraisiko tamin'i Jesosy Tompo **hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra**"* (Asan'ny Apostoly 20. 24).

*"Ary amin'izany, ry rahalahy sady malalako no mahamanina ahy, fifaliako sy satroboninahitro, tomoera tsara ao amin'ny Tompo ianareo, ry malalako"* (Filipiana 4. 1).

## 4.3 Hitoetra ao amin'i Kristy

*"Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao aminy, **mba** hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy, ka **tsy ho menatra eo anatrehany amin' ny fiaviany**"* (1 Jaona 2. 28).

## Amin'ny fomba ahoana ?

### 4.3.1 Miasa

*"Aza **miasa hahazo** ny hanina mety ho levona, fa **ny hanina izay maharitra** ho fiainana mandrakizay"* (Jaona 6.27).

*"**Asiako mafy ny tenako** ho mangana ka andevoziko, **fandrao**, na dia efa nitory tamin'ny sasany aza aho, dia **holavina kosa ny tenako**"* (1 Korintiana 9. 27).

*"Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa **tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo**"* (1 Korintiana 15. 58).

*"Fa izany no **ikelezanay aina** sy iezahanay, **satria izahay manantena an'Andriamanitra velona**, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino"* (1 Timoty 4. 10).

### 4.3.2 Miaina ny tena toerana misy antsika ao amin'i Kristy

*"**Koa dia ataontsika ho voninahitsika ny mba hankasitrahany antsika**, na mitoetra, na tsy mitoetra. Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy*" (2 Korintiana 5. 9-10).

### 4.3.3 Tsy mitsara ny rahalahintsika

*"Iza moa ianao izay mitsara ny mpanompon'ny hafa ? Amin'ny tompony ihany no ijoroany na ahalavoany. Nefa hampitoerina ihany izy; fa mahay mampitoetra azy ny Tompo.*

*Ny anankiray manao ny andro anankiray ho mihoatra noho ny andro sasany; ary ny anankiray kosa manao ny andro rehetra hitovy. Aoka samy hatoky tsara ao amin'ny sainy avy izy. Ny mitandrina ny andro dia mitandrina izany ho an'ny Tompo. Ary ny mihinana dia mihinana ho an'ny Tompo, satria misaotra an'Andriamanitra izy; ary ny tsy mihinana kosa dia tsy mihinana ho an'ny Tompo, sady misaotra an'Andriamanitra koa izy.*

*Fa tsy misy velon-ko an'ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an'ny tenany. Fa raha velona isika, dia velona ho an'ny Tompo; ary raha maty isika, dia maty ho an'ny Tompo; koa amin'izany, na velona na maty isika, dia an'ny Tompo ihany.*

*Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy.*

***Fa nahoana ianao no mitsara ny rahalahinao** ? Ary nahoana kosa ianao no manao tsinontsinona ny rahalahinao ? **Fa samy hiseho eo anoloan'ny fitsaran'Andriamanitra isika rehetra**. Fa voasoratra hoe: "Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, ny lohalika rehetra handohalika amiko, ary ny lela rehetra hidera an'Andriamanitra". **Koa samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra**.*

***Koa aza mifampitsara intsony isika**; fa aleo mihevitra izao, dia ny tsy hanisy fandavoana na fanafintohinana eo anoloan'ny rahalahy"* (Romana 14. 4-13).

*"Koa amin'izany, aza mitsara na inona na inona alohan'ny fotoana, dia ny fiavian'**ny Tompo**, Izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina ka **hampiseho ny fikasan'ny fo**; dia samy hahazo izay derany avy amin'Andriamanitra izy rehetra"* (1 Korintiana 4. 5).

### 4.3.4 Mikatsaka ny hitovy tanteraka amin'ny Tompo Jesosy

*"Izany no ahatanterahana ny fitiavana amintsika, mba hananantsika fahasahiana amin'ny andro fitsarana; **fa tahaka Azy*** (Jesosy) ***isika eo amin'izao tontolo izao**"* (1 Jaona 4. 17).

**Fanamarihana**

Raha ny marina, ireo valim-pitia dia mifamatotra amin'ny finiavantsika hamela ny Tompo Jesosy hiasa, mba hamokarany ao anatintsika *ny fikasana* sy *ny fanaovana*.

Anio, avelao ny Tompo Jesosy hiasa ao anatintsika tsirairay, ka aoka isika hahatsiaro izay nolazainy hoe: "*Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona"* (Jaona 15. 5).

Aorianan'ny fitsaran'i Kristy sy ireo valim-pitia, dia hatao ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, izany hoe ny fanakambanana an'i Kristy sy ny Eglizy.

**Fa ianao mamaky izao lahatsoratra izao, efa nateraka indray ve ianao? Matoky ve ianao fa anisan'ireo olo-masina izay ho any an-danitra sy handray ireo valim-pitia?**

Fantaro fa ny ho any an-danitra dia ireo izay vita fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, satria miaiky fa mpanota, meloka noho ireo fahotany, very ary tafasaraka amin'Andriamanitra, ho mandrakizay. Nefa izy ireo nanatona an'Andriamanitra Mpamonjy, Ilay Andriamanitry ny fahasoavana. Teo izy ireo no niaiky tamin'Andriamanitra ireo fahotany rehetra, tam-panetrentena sy tahotra, araka ny voasoratra hoe: "*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy* (Andriamanitra) *ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra*" (1 Jaona 1. 9).

Dia nitodika tamin'i Jesosy izy ireo, Jesosy "*Izay tsy nahalala ota … efa nataony* (nataon'Andriamanitra) *ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika*" (2 Korintiana 5. 21). Nanaiky an-tsitrapo izy ireo fa maty teo amin'ny hazofijaliana ho azy ireo Jesosy, Ilay "*Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao*" (Jaona 1. 29). Nanomboka teo izy ireo dia misitraka ny vokatry ny sorona nataon'i Jesosy:

- voafafa ny fahotany,
- avelan'Andriamanitra heloka izy,
- hamarinina,
- ary mandray ny fiainana mandrakizay.

**Nanao izany izy ireo, satria hoy Andriamanitra ao amin'ny Baiboly, izay teniny**:

- "*Jesosy Kristy, Ilay Marina… Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an'izao tontolo izao koa*" (1 Jaona 2. 1-2);

- "*Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra*" (1 Jaona 1. 7);

- "*Izay rehetra mino …* [*dia*] *hamarinina maimaimpoana amin' ny fahasoavany … noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy*" (Romana 3. 22, 24).

Matoky ankehitriny ireo olona voavonjy noho ny fahasoavana ireo, fa voavelan'Andriamanitra ny helony, nateraka indray izy ireo, ka ho any an-danitra hiaraka amin'i Jesosy, hahita fahasambarana mandrakizay.

**Ianao àry, minoa ny Tompo Jesosy,**
**mba ho voavonjy ny fanahinao.**

# Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia

Izay mino ny sorona nataon'i Jesosy dia voavonjy, voavela heloka ary ho anisan'ireo olona masina rehefa ho tonga ny fampiakarana ireo mpino. Aorianan'io fampiakarana io, ny mpino tsirairay dia hijoro eo anoloan'ny fitsaran'i Kristy (ny tribonalin'i Kristy), mba ho fantany marina ny fijerin'Andriamanitra azy, fony izy kristiana velona tao amin'ny vatany, tetỳ an-tany. Ny zavatra rehetra momba azy no hasehon'ny Tompo Jesosy, Ilay Mpitsara marina, amin'izay fotoana izay. Ary Izy, araka ny fahamarinany sy ny fahitsiany, no hanome azy satroboninahitra sy valim-pitia.

Ahoana no hisehoan'ireo mpino eo anoloan'ny fitsaran'i Kristy? Inona ireo satroboninahitra natokana ho azy ireo? Inona ireo valim-pitia homena azy ireo?

Izany no fanontaniana valian'ity bokikely ity, amin'ny alalana andinin-tSoratra Masina, mba hamelan'ny mpino tsirairay ny Tompo Jesosy hiasa ka hamokatra ao anatiny *ny fikasana* sy *ny fanaovana*, satria mandresy lahatra azy ilay tenin'i Jesosy hoe: "*Raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona*" (Jaona 15. 5).

EHB - Réf. : DP002MA

9 230111 300145